

VISITE PASTORALE paroisse NOTRE-DAME de L'ASSOMPTION Antsiranana (29-05-16)

TORITENY



Ry kristianina havana, andro lehibe ho an'ny Eglizy manontolo sy androm-pahasoavana ity andro anio ity. Isan'andro isika no mankalaza ny Eokaristia, ny vatana sy ny Ran'i Jesoa araka ny hafatra nataon'i Jesoa tamin'ny Apôstôly ary naverin'i Md Paoly amin'ny vakiteny vao norenesintsika teo. Matetika amin'ny Evanjely no andrenesantsika ny tenin'i Jesoa fa

androany kosa i Md Paoly no mamerina amintsika io tenin'i Jesoa fanorenana ny Eokaristia , ny Sakramenta Masina. Sakramenta satria mila famantarana isika olombelona hahatsapantsika fa olona novonjen'i Jesoa, olona nanoloran'i Jesoa ny tenany izany hoe ny vatana sy ny Rany ho famonjena atsika, raiso ka hano. Izay ny dikan'ny sakramenta, famantarana hita maso sy ren'ny vatantsika naorin'i Jesoa eo amin'ny Eglizy mba hahazoantsika famonjena.

Vakiteny I : Jen. 14, 18-20

Salamo : Sal. 109

Vakiteny II : Kôr. 11, 23-26

Evanjely : Lk. 9, 11b-17

Isan'andro ary indrindra ny ankamaroany isaky ny Alahady tahaka izao no mankalaza ny Eokaristia, noho izy Sakramenta manokana loharano sy fototra dia izay ny mahatonga azy ho Sakramenta masina. Ny Sakramenta dia masina daholo fa ny Eokaristia no famantarana fa eo anivontsika tokoa i Jesoa. Izay ny mahatonga an'io "devotion populaire" na dia efa misy isaky ny folo andro aorian'ny pantekôty fankalazana an'izay Sakramenta masina izay na dia efa atao isan'andro aza. Nisy hafatra nataon'i Jesoa tamin'ny masera anankiray ka io masera io no nampita tamin'ny Papa Ray masina ary hitan'ny Papa fa "dévotion" izany hoe fitiavana manokana dia nasainy namakafaka ireo manam-pahaizana ka tamin'izay indrindra izy no nanapa-kevitra satria hitany fa mahaso atsika izay dia natao 10 andro aorian'ny pantekôty no ankalazana ny fetin'ny Sakramenta masina ary entina mamakivaky ny tanàna mba hanambarana fa eo anivontsika tokoa Andriamanitra, eo anivontsika ny famonjena.

Raha manao ny calcul isika dia tokony tamin'ny Alakamisy lasa teo no nankalazana an'izany Sakramenta izany fa araka ny fanapahan-kevitra ny "Conférence Episcopale" eto Madagasikara dia atao anio Alahady fa ny any Vatican dia tamin'ny Alakamisy lasa teo. Ampitsiahivina izay satria araka izay efa voalaza teo mila fanazavana ny fanaovantsika ny procession izay midika Fanehoam-pitiavana ny Sakramenta masina no ataontsika izany hoe entanim-pitiavana isika ka maniry mba ho eo anivontsika tokoa ny Sakramenta masina ka hiova ny fiainantsika satria Andriamanitra eo anivontsika, io Andriamanitra Trinité Masina izay nankalazaintsika tamin'ny Alahady lasa teo Ray Zanaka sy Fanahy masina. Tsy Andriamanitra lavitra ny Andriamanintsika ary izay ny mampiavaka ny fivavahantsika, fivavahana Kristianina irery ihany ary ny fivavahantsika katolika dia ny maneho tsy mihambahamba fa tsy lavitra izy fa eo anivontsika tokoa Andriamanitra amin'ny alalan'ny Sakramenta, amin'ny alalan'ny Eglizy, izay no ankalazaintsika. Mahavariana fa Andriamanintsika no manompo atsika.

Amin'ny fivavahana hafa ohatra ny tromba dia isika no manompo azy manaiky an'izay teneniny fa misy ny hanina fadina tsy azo hohanina, na lokon'ny lamba tsy azo anaovana. Tokana ny fadina amintsika kristianina katolika dia ny FAHOTANA izany hoe ny zavatra mampisaraka atsika amin'Andriamanitra. Andriamanitra manompo atsika izay ny dikan'ny Sakramenta masina, eo anivontsika izy ary voalaza tamin'ny Evanjely teo i Jesoa nampitombo ny mofo dia nizara ny mofo satria tiany ho tsara ho soa isika. Izay ny Andriamanintsika tsy lavitra, tsy mikombona fa mivelatra ho an'ny rehetra, izay ny ambaran'ny fampitomboana ny mofo.

Inona ary ny anjarantsika ry Kristianina havana ?

Tsy misy tsy hain'Andriamanitra atao nefa nanaiky ho mpanompo izy, hiaraka amintsika izy ka noho izany mila atsika izy, izay no anjarantsika ary mifandray amin'ny voalaza teo aloha raha nanentana atsika amin'izao famangiana pastoraly izao ny tenako. Mifandray amin'izay ny nataon'i Jesoa tamin'ny Apôstôly, nitodika tamin'ny mpianatra izy nanao hoe : "Omeonareo hanina izy ireo".

Isika koa dia sahirana raha mijery ny eo ampelantanantsika ary indrindra mahatsiaro ireo renim-pianakaviana isika androany , maro ny zavatra atrehin'ny Reny, tahaka an'ireo Apôstôly ,tahaka ny Eglizy, Reny ny Eglizy, mitodika amintsika i Jesoa androany dia mamaly isika hoe : "tsy manana hafa tsy mofo dimy sy hazandrano roa izahay raha tsy hoe handeha hividy angamba ?"

Mlatrika ny zava-misy sy ny fahasahiranana isika dia mila ho kivy. Mety hiteny anareo fa tsy fantatr'i Mgr ny zavatra hatrehinay. Fantatra tahaka nataon'i Jesoa, inona anefa no nataon'i Jesoa ? "Asaivo mipetraka izy ireo" hoy izy, ka amin'izay izy mamahana azy ireo. Midika izany fa tsy maintsy mandray andraikitra isika, manao ny asan'Andriamanitra isika.

Mipetraka hoy izy, ny dikany dia hahatoky azy isika ary izay ny finoana.

Ny finoana dia tsy tany malemy anorenam-pangady fa tany lonaka, ny hoe mipetraka dia lonaka ary manaiky hiasan'ny fahasoavan'Andriamanitra.

Izao ny konfirmasio atao izao sy ny famangiana pastoraly, hipetraka ao amin'Andriamanitra isika. Io koa ny dikan'ny procession, hipetraka eto anivon'ny tanànantsika ka hosokafantsika ny fontsika. Iza no andrasan'Andriamanitra amintsika.

Mitoera ao amin'i Jesoa, inona moa izay ?

Dia ny mihaino ny fanomezan'ny Fanahy masina : anisan'izany ny Fahendrena, mahatoky anareo zaho e! Raha manao ny asan'Andriamanitra ianareo dia Andriamanitra manao ny asanareo. Tsy misy tsy hain'Andriamanitra atao raha mitoetra ao aminy isika ary izay no irintsika amin'ny alalan'izao konfirmasio izao, amin'ny alalan'ny procession izay ataontsika rahariva. Ny tadiavin'Andriamanitra amintsika tsy hoe hanao miracle ary izay no mampisalasala anahy amin'ireo vavaka hoe manao miracle, marina fa vitan'Andriamanitra io fa tsy izay no tadiavin'i Jesoa voalohany fa isika mino ary mino mitoetra ao amin'Andriamanitra. Ny finoana no mahavonjy atsika, izay indrindra ry Kristianina havana, ny fanehoam-pinoana no andraisantsika ny Sakramentan'ny konfirmasio fa tsy finoana misavoan-danitra.

Niaraka ireo Apostôly nizarazara ny mofo rehefa nipetraka ireo vahoaka. Iza koa no tsara ho fantarina fa tsy Andriamanitra mikombona ny Andriamanintsika fa mivelatra ary mizara fahasoavana. Koa ianareo handray ny Sakramentan'ny konfirmasio, handray ny fanomezana fito, ho feno fahendrena ianareo ka hizara amin'ireo manodidina antsika ny fahasoavana. Matokisa ary mitoera ao amin'i Jesoa, raha mitoetra amin'ity tanànantsika ity i Jesoa dia izy no hamelona atsika tahaka ny namelomany ny vahoaka nanaraka azy. Isika koa hamelona an'ireo manodidina atsika no hamelomany atsika. Isika izao no Abrahama araka ny vakiteny voalohany, mbola betsaka ny mametraka fanontaniana, tsy dia mikasika ny toriteny ity fa fampianarana araraotina anaovana fanazavana izay ny maha visite pastorale azy misy fampianarana koa.

Fanontaniana : ny hasim-pinoana ve mitovy ny ampahafolon'ny fananana araka ny voalaza ao amin'ny soratra masina ?

Ny testamenta taloha no misy an'izay ary vao henontsika teo fa na i Abrahama nanome ny am-pahafolon'ny fananany tamin'i Melkisedeka. Amin'izao androntsika izao ny "denier de culte" na ny hasim-pinoana dia tsy izany. Araka ny fanazavana ao amin'ny taratasy pastoraly [laharana faharoa ny 02 Febroary 2015](#), efa nambaran'i Mgr Albert Tsiahoana teto amin'ny diosezy dia ny hoe "Katolika aho, vita batemy ka manome hasina ny finoako mba hamatsian'ny finoako ny fiainako amin'ny alalan'ny Sakramenta samihafa tovoziko avy amin'ny Eglizy" ary mifanaraka amin'ny Evanjely vao norenesintsika teo izany. Noho izany izay vita batemy no manome hasina ny finoany, tsy ny fianakaviana fa izay vita batemy rehetra ao anaty fianakaviana. Marina fa ny zazamena tsy afaka hanatontosa an'izany fa tsy maintsy hampianarina kosa izy handray an-tànana ka hanome hasina ny finoany. Tsy voatery ho am-pahafolo, raha isika mandoa 1000 ariary isan-taona isaky ny vita batemy dia efa zava-dehibe izay. Firy moa ary ohatrinona ny lanintsika amin'ny crédit téléphone ? tsy azo eritreretina akory.

Tsy resaka am-pahafolo io fa izay foy no omena, izay i Jesoa nahafoy ny ainy, io ny dikan'ny Sakramenta masina ankalazaintsika, io ny Eokaristia, io ny rakitra ataontsika dia ny fahafoizana, raha mahafoy be ianao araka ny voalaza hoe raha manao ny asan'Andriamanitra ianao dia Andriamanitra hanasoa sy hikarakara anao.

Ry Kristianina havana, antsoin'Andriamanitra ao amin'ny famindrampony isika ka izay famindrampon'Andriamanitra izay anie hanenika ny fiainantsika. Amen